# Sendika SMKAR sy ny CUA

## Hahazo tambin-karama momba ny fanadiovana ny loto sy fitaterana ny mpiasa 5


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 16 avrily 2019 Laharana 899 Vidiny : 400 Ar


**Fitomaniana 2: 20b** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 128), Madagasikara 14 aprily 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Kandià depiote ny TIM.K25** 2

# Hanao lalàna mitsinjo ny vahoaka




**Kandidà TIM.K25 Atsimondrano** 2

# Kandidà depiote efa vita sedra



**LÀLANA ANDRIANAMPOINIMERINA** 7

## Nanomboka ny fanamboarana fantsona lehibe ao ambaniny




**Raharaham-pirenena** 3

## Mifono eso ho an-dRajoelina ilay TGV

**Distrikan'i Fenoarivobe** 3

## Dadafara Fidy no kandidà depiote ny TIM.K25

**Kandidan'nyTIM boriborintany faha-6** 2

## Ny vahoaka aloha no laharam-pahamehana

**Daka kely**

Kianja mbola tsy vita ve no tokanan' ialahy ry Boaikely a :

**Kandida TIM Boriboritany faha-2** 2

## Nihaona tamin'ny mpikatroka TIM.K25 tao Ambohipo



KANDIÀ DEPIOTE NY TIM.K25

## Hanao lalàna mitsinjo ny vahoaka hoy Ravalo

Tany Toamasina ny filoha Marc Ravalomanana nanolotra tamin'ny fomba ofisialy ny kandidà depioten'ny vondrona TIM.K25 any amin'ny faritra Atsinanana, toy ny avy ao Toamasina voalohany sy faha-2, ny avy any Brickaville ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny Magro Tanambao V. Nazavain'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany ny asa sy ny zavatra miandry ny solombavambahoaka dia ny fanaovana lalàna sy fandaniana lalàna, izay mitsinjo ny vahoaka sy ny tombontsoan'ny vahoaka. Eo ihany koa ny fihainoana ny vahoaka sy ny fanaraha-maso ny asan'ny governemanta. Vahoaka mahay mandray andraikitra ny eto Toamasina, ary koa tia fan-




drosoana hatramin'izay, ary hijoro hatramin'ny farany amin'ny fotokevitra izay ijoroantsika, hoy ihany Dada. Olom-baovao manana ny mahaizy azy avokoa ireo kandidà TIM.K25 ao amin'ny faritra Atsinanana, toy ireo kandidà amin'ny faritra hafa ihany koa. Porofo izany fa manana olona ny TIM.K25 ary manana solofo mpandimby eo amin'ny sehatra politika, ary manamafy ny maha-antoko anisan'ny maha lehibe indrindra azy eto amin'ny firenena.

***Helisoa***

Kandidà TIM.K25 Atsimondrano

## Kandidà depiote efa vita sedra

Nampahafantarina ny sabotsy teo, tao amin'ny Piscine Sisi By-Pass ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara TIM.K25 tarihan'i Alain Ratsimbazafy ary ireo mpiray lisitra aminy, ho solombavambahoaka ao amin'ny distrikan'Atsimondrano. Tonga marobe tokoa ireo mponin' Atsimondrano nampiseho firaisankina ho fanohanana ny kandida Alain Ratsimbazafy sy ny mpiray lisitra aminy. Ny filoha nasionalin'ny antoko TIM ny filoha Marc Ravalomanana tenany mihintsy no tonga teny an-toerana nanolotra tamin'ny fomba ofisialy azy ireo. Ireo kandidan'ny TIM hoy Dada dia vonona hiantsoroka ny andraikitra maha- so-



lombavambahoaka azy, hiady ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka eny amin'ny Antenimierampirenena, ka hanaramaso ny governemanta tsy hivoana amin'izany, fa tsy ho mpananga-tanana fotsiny. Vonona hiady ihany koa ho an'ny tombontsoan'ny aty amin'ny faritra eny amin' ny Antenimieram-pirenena izy ireo hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Eo ny fanaovana sy fanolorana lalàna sy ny fandaniana na tsia ireo tolo-dalàna araka izay mety sy mifanaraka amin'ny hetaheta ary ny filàn'ny mponina, ary ny fanairana sy ny fanarahamaso ny fahefana mpanatanteraka. Vita fiofanana ny kandidan'ny TIMK25 manerana an'i Madagasikara hoy ny filoha Marc Ravalomanana, ka hanova ny tantara eny amin'ny Antenimieram-pirenana izy ireo. Ny kandida Alain Ratsimbazafy raha nandray fitenenana dia nanolotra fisaorana ny filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM, tamin'ny nametrahany fitokisana taminy sy ireo mpiray lisitra aminy. Vonona ny tenanay hoy izy ny hitondra tenin'ny vahoaka, ka tsy hijery hafatsy izay tombontsoan'izy ireo. Efa vita sedra tamin'ny fitondrana ny kaominina nandritra ny 12 taona aho hoy Alain Ratsimbazafy, ka hanitatra izany eny amin'ny distrikan'Atsimondrano ho tombontsoan'ny distrikan'Atsimondrano iray manontolo miray hina.

***Helisoa***

Kandida TIM Boriboritany faha-2 Rastany

## Nihaona tamin'ny mpikatroka TIM.K25 tao Ambohipo, Ambohitsoa…

Anjaran'ny mpikatroka TIM.K25 ao anatin'ny zone 6 ao anatin'ny boriborintany faha 2: Andohanimandroseza sy Ambohipo ary Ambolokandrina indray no nifampiafahaba tratry ny taona tamin'ny kandidan'ny TIM.K25 Randrianarisoa Stanislas, na Rastany sy ny mpiray lisitra taminy teny Ambohipo ny sabotsy lasa teo. Notanterahina izao fifampiarahabàna tratry ny taona izao hoy ny kandida Rastany araka ny fampanantenana nataony tamin'ny mpikatroka TIM eny ifotony noho ny fahabetsahan'ny mpikambana TIM, ka tsy omby antsika hoy




izy raha toerana iray no hanaovana azy. Teo ihany koa ny nanomezana toromarika ireto farany mialohan'ny fifidianana hatao ny 27 mey ho avy izao. Mila mivonona amin' ny lafiny rehetra isika hoy ny kandida Rastany amin'io fifidianana ho avy io mba ho ao anatin'ny fahamarinana ny latsabato hatao amin' izany. Mila mailo isika amin'ny mety hisian'ny halabato, koa dieny izao dia mila mivonona. Fa ny marainan'ny sabotsy ihany koa dia tonga teny Ambohitsoa ny kandida Randrianarisoa Stanislas nampahafantatra ny tenany amin'ny maha kandida ny TIM.K25 azy ao amin'ny boriborintany faha 2. Tsy nitondra tanampolo ity farany tamin'izany fa nisy ny fanomezany vatsy toy ny fotsimbary ho an'ireo mponina tao Ampamatanana sy Ambohitsoa ary Androndra. Nisy ihany koa ny firaha-mihinana ny nofon-kena mitam-pihavanana, tamin'ireo solontena avy ao Mahazoarivo nandritra ny fotoana teny Ambohitsoa io.

***Helisoa***

### Ny Valosoa sy fakafaka

## Herinandro Masina, mety tsy hisy ny fiatoana politika

Nanomboka omaly ny fankalazana ny Herinandro Masina, ho fahatsiarovana ny fiandrasana ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty amin'ny andro fahatelo, rehefa nohomboana tamin'ny hazo fijaliana ny andron'ny Zoma Masina, maty izy ary nalevina, araka ny finoana Kristiana, nitsangan-ko velona tamin'ny andro faha-3 dia andro Paka na ny andro Paska. Ny Paka no fety ara-pinoana lehibe indrindra amin'ny finoana Kristiana satria nanolotena ho faty ny Zanak'Andriamanitra, ka ny rày latsaka teo amin'ny hazo fijaliana no anadiovana ny fahotantsika olombelona. Koa amin'ity Herinandro Masina ity, misy ny fotoam-pivavahana isan-kariva ho fiandrasana ny Paka amin'ireo fiangonana Kristiana rehetra, izay inoan'ny rehetra fa mitondra famonjena ho antsika rehetra. Ny fiandrasana ny Paska, Herinandro Masina toy izao raha eo amin'ny fiainam-pirenena sy eran'izao tontolo izao dia tokony hisiana fiatoana politika. Hiatrika fifidianana depiote isika ny 27 mey ho avy izao, ao anatin'ny fampahafantarana azy mialoha ireo kandidà ankehitriny, na ilay hoe pré-campagne, ka mety tsy ho voahaja loatra raha ny eto amintsika izay tokony hisiana fiatoana politika noho ny Herinandro Masina sy ny Paka izay. Mety ho any am-piangonana mihitsy aza ny kandidà sasany no hanao ny fampielezan-keviny mialoha sy ankolaka.

***Isambilo***

Todisoa kandidan'nyTIM boriborintany faha-6

## Ny vahoaka aloha no laharam-pahamehana

Misy ny milaza fa tsy andraikitry ny depiote ny manao lalana, fa ny manao lalàna ihany. Tsy afaka hijery fotsiny ny fahoriana mahazo ny mpiara-belona aminy anefa ny kandidan'ny boriborintay faha 6 Todisoa Randriamapandry avy amin'ny antoko TIM, fa manao izay vitany izy ho fampandrosoana ny distrika misy azy. Noho izany, taorian'ny fihaonany tamin'ny Fokonolona avy ao Fierezana Fokontany Ambohidroa. Notanterahina tamin'ny Sabotsy 13 aprily teo ny Asa Tagnamaro nanamboarana lalana fampiasan'izy ireo sy fanokafana ireo canal mitondra rano izay nanimba ny lalana. Nisy natao beton nisy ny tany izay narenina ka nampiasana compacteur. Tsy nanavahana fa na lahy na vavy dia nandray angady sns….. Taorian'izay, dia nanatanteraka Fanadiovana Faobe tao an-toerana niaraka tamin'ny kandida Todisoa ireo mponina. Tsy voatery hiandry ny hafa vao afaka manao asa hoy ity farany, fa rehefa Miasa Miaraka dia Miteraka Fahombiazana. Velom-pisaorana ny kandida Todisoa Andriamampandry ireo fokonolona satria vita ilay lalana nampijaly azy ireo.

***Helisoa***



NY VALOSOA VAOVAO Dokambarotra
Tel. 034 79 076 00

## Ny Valosoa sy hadihady

# Vahoaka sy politisiana : samy manana ny mahamaika azy

Andro vitsy sisa dia ho feno telo volana no nipetrahan'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, eo amin'ny seza fiandrianana amin'ny fitantanana ny Firenena. Nisafotofoto ny fiainam-pirenena nandritra izay fotoana izay. Niainana teto ny lozaisan-karazany, ny fahatsiarovana ny tolom-panafahana tamin'ny taona 1947, ny vono olona sy ny fanafihana ataon'ny dahalo sy jiolahy, ny fivezivezena nankany ivelany, ny fametrahana vato fehizoro ary ny fanomanana ny fifidianana solombavambahoaka. Raha tsiahivina dia ny andro nanaovan-dRajoelina Andry ny fihanihanana, ny 19 janoary 2019, no nanomboka ny fihotsahan'ny vato aman-taonina teny amin'ny tanàna ambony, Tsimialonjafy, Ampamarinana,… Nesorina teny amin'ny manodidina ireo mponina ka nozarazaraina tamin'ny toerana roa teto an-drenivohitra tao amin'ny-Foibe fanofanana ara-pedagojika eny Mahamasina, teny amin'ny "village Voara" eny Andohatapenaka. Teny amin'ity farany moa dia tsy nety nipetraka teny ny traboina satria tsy misy na inona na inona azo entina ikarakarana na dia ny sakafo aza. Ny tetsy Mahamasina indray dia niala tao ny traboina ka namonjy ny trano fonenany satria dia sahirana tokoa izy ireo satria maro no indray nipetraka tamin'ny trano lay (tentes). Tsy hitan'ny avy ao amin'ny prefektiora moa izay natao satria fantany tsara ny fihafiana niainan'ireo traboina tao. Nahatsiaro ny tolom-panafahana tamin'ny taona 1947 ny fitondrana saingy nisy fanavakavahana ihany izany na dia ny "famelomana ny afom-pitiavan-tanindrazana" aza ny teny filamatra. Ny filohan'ny Repoblika ihany no nahazo nametraka fehezam-boninkazo teny amin'ny "Mausolée" etsy Andrainarivo. Tsy nazavaza moa ny antony nandraisana izany fanapahankevitra izany fa miova sata tokoa, angamba, miova andriana. Tetsy Ambohijatovo kosa ny manampahefana isan-tokony, singanina manokana ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo. Tsy misy fitsaharany koa ny asan-dahalo sy ny asan-jiolahy ka tsy misy andro iray miposaka ka tsy andrenesam-baovao momba izany. Efa miezaka ihany ny mpitandro ny filaminana saingy sady tsy ampy olona, hono, no tsy ampy fitaovana. Amin'izao fotoana izao aza dia hetsehina indray ny "andrimasom-pokonolona" izay hiambina amin'ny alina kanefa dia iaraha-mahalala fa kely sakafo sady mba manana ny asa fameloman-tena ihany koa ny vatan-dehilahy ka sarotra ho azy ireny ny mbola hanatanteraka izany. Hiaro ny olona sy ny fananany no anakaramana ny mpitandro ny filaminana, ary vola avy any amin'ny mpandoa hetra no andoavana izany ka tsy hisolovaika ny ankalana indray ny mponina. Eo anatrehan'izany dia tsy nitsahatra ny nivoaka tany ivelany ny filohan'ny Repoblikaka, firenena efatra no nandehanany. Ny mahavariana dia tsy mba nisy tamberin'andraikitra na tatitra mombaizay "voandàlana" mety hahasoa ny vahoaka Malagasy sy entina hampandroso ny Firenena nentina avy any ivelany fa ny haja amam-boninahitra nomena azy tany no nahoraka be. Azy manokana izany ka tsy misy fiantraikany amin'ny mpiray tanindrazana aminy. Dradraina etsy sy eroa fa tsy nisy nahavita na inona na inona ireo mpitondra nifandimby teto amin'ny firenena nandritra izay valoambidimampolo taona namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena izay. Adinony angamba fa anisan'ny nitondra nandritra ny dimy taona izy tamin'ny tetezamita ary tena tsy nisy na inona na inona vitany tokoa satria anisan'ireo firenena dimy mahantra indrindra eran-tany ity Nosy ity. Ny hita sy tsapa koa tato anatin'ny telo volana dia misavika ny efa natomboky ny mpitondra teo aloha no ataon-dRajoelina Andry. Napetrany ny vatofehizoron'ny làlana Ambilobe-Vohémar kanefa efa nataon-Rajaonarimampiaina Hery izany valo volana lasa izay. Nametraka izany koa izy tao anaty Rovan'i Manjakamiadana momba ny famitàna ny asa fanarenana. Ny filoha Ravalomanana Marc no efa nanomboka izany asa izany kanefa noho ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 dia niato ny asa. Ho avy koa ny fitokanana ireny zavabitan'ny filoha teo alohany koa izy atsy ho atsy, toy ny fiantsonan'ny fiara mpitatitra etsy Ambohimanambola sy ny Lapan'ny kolotsaina sy fanatanjahantena any Toamasina. Olona mitondra firenena izany dia tsy maintsy manana fanetren-tena sady mandala ny fahamarinana ka tsy ho menatra ny hiteny fa izany no "fitohizan'ny raharaham-panjakana" (continuité de l'Etat). Efa mizotra any amin'ny fifidianana solombavambahoaka ny politisiana sy vondrona politika isan-tokony amin'izao fotoana izao ka misy ny fampitandremana nataon'ny Fitsarana Avo momba ny-Lalàmpanorenana (HCC) sy ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) momba ireo kandidà mihoa-pefy sy mampiasa ny olom-panjakana sy fitaovam-panjakana entina manao fampielezan-kevitra. Ny kandidàm-panjakana na ny antokon'ny mpitondra fanjakana no manampatra fahefana sy mibirioka any amin'ny tsy tokony halehany. Vao omaly ny omaly no nibaribary ny momba ny kolikoly avo lenta ao amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny famoahana "permis biométriques " sy "carte grise biométrique" izay mahasaringotra olona efa ho roapolo. Tsy misy afaka mandà anefa fa ny vahoaka hatrany no iantraikan'ny kilalao politika maloto ataon'ny mpitondra.

***Andry Tsiavalona***

## NY TENY FIAINANA



***Apokalypsy 19:13***

*Ary miakanjo akanjo voafafy ra Izy; ary ny anarany atao hoe: Ny tenin' Andriamanitra.*

### Raharaham-pirenena

# Mifono eso ho an-dRajoelina ilay TGV



Raha ny fametrahana « 1ère Pierre » na voalohan-bato fototra dia ity filoha Andry Rajoelina ity no mety ho voalohany teto Madagasikara. Vao mainka aza dedaka rehefa dokafan'ny mpiara-miombon'antoka amintsika amin'ny niantsoana anarana hoe TGV, izay iaraha-mahalala fa mifono eso ilay izy. Ny tena asa iantsorohana momba ny vina aloha dia mbola any an-kibon'ny omby fa izay vava asa kely etsy sy eroa dia terena fotsiny hifandraika amin'ilay Vina IEM sy velirano. Avadika hiditra ao anaty velirano avokoa izao rehetra izao isaky izay miteny. Marina fa atomboka ny lalana mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar ary ny antenaina ny hahavitana azy tsara tsy ho tandrametaka, ka raha vao hilatsahan'ny orana dia rava indray , avy eo hitadiavana mpamatsy vola avy any ivelany. Ny ao am-paosin'ny mpitondra no feno sy tsara karakara ao anatin'izany rehetra izany. Raha isaina izay fametrahana 1ère Pierre izay dia efa maromaro ihany , hoy ilay tsy mahay manisa raha miohatra amin'ny asa vita. Mitovy tsy misy valaka amin'izay koa ity karazana atrik'asa mandany vola etsy sy eroa ity fa ny ao anatiny poakaty. Ny firenena Malagasy izao no lohalaharana amin'ny Nofinofy eo amin'ny fampandrosoana fa vodilaharana kosa eo amin'ny fahantrana. Raha izao fomba fanao izao no nampandroso dia efa firenena tafita sy manara-penitra i Madagasikara. Tsy mbola hain'ny mpitondra ny atao hoe « Vitesse et Précipitation » fa toa afangarony ka lasa variana manomboka asa fotsiny fa ilay mahararin'ny vahoaka adino tanteraka. Ilay famanby nifamatorana amin'ny Malagasy tamin'ny fianianana teny Mahamasina sy ny fampielezankevitra toa tsy hita mivaingana akory. Ireo olona vitsy an'isa mahita tombony ao anatin'izao fitondrana izao no miaro mafy ny fanjakana sao very fihinanana indray fa ny vahoaka Malagasy maro tsy mba afaka miteny kosa dia miandry fotsiny izay mba sisa ambiny. Efa miha-maro hatrany ireo kivy tamin'ireo nilaza fa nifidy na nanohana an-dRajoelina tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo ireny.

***Rajaonarimpanontsana***

### DISTRIKAN'I FENOARIVOBE

# Dadafara Fidy no kandidà depiote ny TIM.K25

Dadafara Fidy, na Fidy Razafindramboa, no kandidà depioten'ny TIM.K25, any amin'ny distrikan'i Fenoarivobe faritra Bongolava. Nihaona tamin'ireo zanaka am-pielezana avy any amin'iny distrika iny tetsy Anosizato ity kandidà ity ny sabotsy teo. Nifantohan'izany fihaonana izany ny fanamafisana sy ny fananganana ny fikambanan'ny zanaka am-pielezana any Fenoarivobe. Nisy ihany koa nandritra izao fihaonana izao ny famelabelarana narahina ady hevitra nataon'ny kan-



didà Dadafara Fidy, ny amin'ny fampandrosoana ny any amin'ny distrikan'i Fenoarivobe, ny fitondrana ny tenin'ny vahoaka hataony. Faritra mbola azo lazaina ho mitoka-monina ny any antoerana noho ny faharatsian'ny lalana, niarahana nijery tamin'izany ny vaha-olana ho fampandrosoana ity distrika ity, ka hiara-hisalahy amin'izany ny kandidà depiote, ireo zanaka ampielezana, hoentanina ihany koa ny any an-toerana hifanome tanana amin'izany.

***Isambilo***

## TONONKALO

### Eto ihany ny fanalahidy

Tanatin'ny volana telo
Dia tena mba nampalahelo
F'inefatra ve no nivoaka ?
Majifa ny volam-bahoaka !

Ny akama no indreo misonanina
Sy faly mandeha raopilanina,
F'iretsy vahoaka tazano,
Vao mainka idiran'angano !

'Zay hoe fitsitsiana tsy misy.
(Tsy anatin'ny ranao mihitsy !)
Fa ny hany mba hita mibahana
Dia tsy inona fa fidedahana !

Tsy ireo any ivelany anie
No hanolotra ny lakile
Fa isika izay masi-mandidy
No mitana ny fanalahidy !

K'aza dia lany andro mivoaka.
Mipetraha rehefa tsy misy hapoaka.
Tsy Maorisy na koa Senegaly
No hanafaka antsika amin'ny jaly !

***DADAN'i ZINA (11-04-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana tany Toamasina ny faran'ny herinandro teo.





Ny fihaonan'ny kandidà depiote TIM Fenoarivobe tamin'ireo zanaka ampielezana teny Anosizato, ny sabotsy teo.






## Sakafo Ny Valosoa



Mofo sakay na mofo anana amin'ny anandrano indray no laoka, amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Laoka tsotsotra azo atao izany, tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana ihany koa hampiarahana aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Manampy amin'ny fitsaboana samihafa ny akondro

Manampy amin'ny fitsaboana ny "Fo" ny "akondro". Ny zavatra ilaina.: akondro masaka sy rano. Toy izao ny fomba fampiasana azy. Tetehana ny akondro masaka, esorina ny hodiny ary alona anaty rano iray vera (akondro iray rano iray vera ). Amin'ny alina no anaovana azy ary apetraka amin'ny toerana azo antoka. Sotroina ny rano avy nandonana ilay akondro ary amin'ny maraina vao mifoha no isotroana azy, izany hoe alona mandritry ny alina dia sotroina vao maraina ilay vao mifoha iny. Mila mahay manamboatra saina ihany koa.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ambatolampy faritra Vakinankaratra

Ny tanànan'Ambatolampy faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ity tanàna ity no renivohitry ny distrikan'Ambatolampy, ao anelanelan'Antsirabe sy Antananarivo Renovohitra, amin'ny lalampirenena faha-7. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny voankazo, ny legioma isan-karazany. Ny fiompiana dia ny fiompiana soavaly no anisan'ny mampalaza an'Ambatolampy, eo koa ny fiompiana trondro. Eo amin'ny asa tanana, mampalaza azy ny fanaovana vilany aluminium na ny vilany vita amin'ny viraty.



## Fitomaniana 2: 20b

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 128), Madagasikara 14 aprily 2019

***Fitomaniana 2: 20b "Hovonoina ao amin'ny fitoera-masin'i Jehovah va ny mpisorona sy ny mpaminany ?."***

Raha novakianareo tsara ny toko voasoratra sy voarakitra rehetra dia manao asa fisoronana ny mpisorona. Izany hoe: ny zavatra rehetra lazaiko dia isoronan' ny mpisorona. Izy no mpivavaka, mpitondra am-bavaka, mpanao ny asan' ny Fiangonana. Misy asa maro miankina tamin' ny mpisorona ary dia asaina manamasina ny tenany izy satria masina ny asa ampanaovina azy, ***I Tantara 15: 14*** *"Dia nanamasina ny tenany ny mpisorona sy ny Levita hampakatra ny fiaran'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely."*, mpanao ny asam-pivavahana, ***II Tantara 13: 10-12*** *"Fa ny aminay kosa, dia Jehovah no Andriamanitray ka tsy mba nahafoy Azy izahay; ary ny mpisorona izay manao fanompoam-pivavahana ho an'i Jehovah, dia ny taranak'i Arona; ary ny Levita koa manao ny raharahany; ary mandoro fanatitra dorana sy ditin-kazo manitra ho an'i Jehovah isa-maraina sy isan-kariva izy, ary ny mofo aseho koa alahany eo amin'ny latabatra tsara, ary ny jiro koa ampirehetiny Isan-kariva ao amin'ny fanaovan-jiro volamena sy ny lela fanaovan-jirony; fa izahay mitandrina izay nasain'i Jehovah Andriamanitray hotandremana; fa ianareo kosa nahafoy Azy. Ary, indro, ato aminay Andriamanitra ho mpitarika anay, ary ny mpisorony sy ny trompetra avo faneno hotsofina mafy hamelezana anareo Ry Zanak'isiraely ô, aza miady amin'i Jehovah, Andriamanitry ny razanareo; fa tsy hambinina ianareo."* Anisan' ny asa ampanaovina ny mpisorona koa ny toy izany, andidiana azy mihitsy, mba isehoan' ny voninahitro. Ary izay mandà ny didiko eo amin' ny mpisorona sy ny mpaminany dia miady AMIKO JEHOVAH fa miara-miasa izy roroa ary tsy maintsy miantefa amin' ny vahoaka, Fiangonana, tanàna ary firenena izay anirahako azy ireo, ***Jeremia 26: 7***. Tsy zakan' ny vahoaka mantsy ny Teny sy Hafatra avy AMIKO, ***Jeremia 26: 8-9***. Ny mpisorona sy ny mpaminany indray no tondroina ho meloka, ***Jeremia 26: 11***. Izay lazain' ny mpisorona aza dia ifandirana, ***Hosea 4: 4*** . Tandremana tsara fandrao diso amin' izay andriamani-tsy izy ny fisoronana, ***Zefania 1: 4*** *"Ary hahinjitro ny tanako hamely ny Joda sy ny mponina rehetra any Jerosalema; Dia haringako tsy ho eo amin'ity tany ity ny sisa amin'i Bala, Sy ny anaran'ny mpisorona amin'ny andriamani-tsi-izy mbamin'ny tena mpisorona"* Tao amin' ny Testamenta Taloha dia nisy karazana Fanatitra :

- Fanatitra dorana
- Fanatitra hohanina
- Fanati-pihavanana
- Fanatitra noho ny ota
- Fanati-panonerana

Ireo karazana fanatitra ireo dia novana ho FANEKENA indray mandeha satria hitako JEHOVAH fa sarotra taminareo ireo DIDY – LALÀNA isan-karazany, sady indrisy fa miteraka ADY- FIFANDIRANA sns.... Ary tamin' izany indrindra no namonoana sy nanoherana ny mpisorona sy ny mpaminany. Ary dia nisy fotoana aza tsy nisy mihitsy ny mpisorona sy ny mpaminany fa sady tsy nilain' ny olona no tsy nekeny. Ny mba tsy iviliana hanao ny fanaon' izao tontolo izao anefa no nanomezako azy roa ireo. Tsy zakan' ny olona ny miaina ao anaty FANJAKAKO, ny manaraka didy sy fitsipika ary lalàna. Izany didy izany dia nosoratako tamin' ny vato fisaka mba harahina, ***Eksodosy 34: 28***. Aza adino fa IZAHO rehefa te-hanatanteraka izay tiako atao dia manao FANEKENA AHO = mba harahina izany, ***Deoteronomia 4: 13*** . Vakio anie ireto didy folo ireto e! Tsy mijanona amin' io fa mbola misy hafa koa takiako. Ny didy dia be dia be ary tsy azonareo ovana mihitsy fa mihantra hatraminareo akehitriny izao, ***Deoteronomia 5: 1-19*** *"Ary Mosesy niantso ny Isiraely rehetra ka nanao taminy hoe: Ry Isiraely ô, mihainoa ny didy sy ny fitsipika izay lazaiko eto anatrehanareo anio, ka ianaro ireo, sy mitandrema mba hankatò azy. Jehovah Andriamanitsika nanao fanekena tamintsika tany Horeba;tsy tamin'ny razantsika no nanaovan'i Jehovah izany fanekena izany, fa tamintsika, dia isika rehetra izay samy mbola velona eto anio. Niteny nifanatrika taminareo Jehovah tao an-tendrombohitra, tao amin'ny afo. Izaho nitsangana teo anelanelan'i Jehovah sy ianareo tamin'izany andro izany, hanambara aminareo ny tenin'i Jehovah, fa natahotra noho ny fahitana ny afo ianareo ka tsy niakatra tao amin'ny tendrombohitra, ka hoy Izy: Izaho no Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta, tamin'ny trano nahandevozana. Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany. Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra any amin'ny lanitra ambony, na izay ety amin'ny tany ambany, na izay any amin'ny rano ambanin'ny tany. Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piaro ka mamaly ny heloky ny ray amin'ny zanaka hatramin'ny zafiafy sy ny zafindohalika, dia amin'izay mankahala Ahy, nefa kosa mamindra fo amin'ny olona arivo mandimby, izay tia Ahy ka mitandrina ny didiko. Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitrao; fa tsy hataon'i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany. Mitandrema ny andro Sabata hanamasina azy, araka izay nandidian'i Jehovah Andriamanitrao anao. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito; koa aza manao raharaha akory ianao amin'izany, na ny zanakao-lahy, na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao, na ny ombinao, na ny borikinao, na ny biby fiompinao rehetra, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao; mba hitsaharan'ny ankizilahinao sy ny ankizivavinao tahaka anao koa. Ary tsarovy fa andevo tany amin'ny tany Egypta ianao, ka tanana mahery sy sandry nahinjitra no nitondran'i Jehovah Andriamanitrao anao nivoaka avy tany; izany no nandidian'i Jehovah Andriamanitrao anao hitandrina ny andro Sabata. Manajà ny rainao sy ny reninao, araka izay nandidian'i Jehovah Andriamanitrao anao, mba ho maro andro ianao, ary mba hahita soa any amin'ny tany izay omen'i Jehovah Andriamanitrao ho anao. Aza mamono olona. Ary aza mijangajanga. Ary aza mangalatra. Ary aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao. Ary aza mitsiriritra ny vadin'ny namanao; ary aza mitsiriritra ny tranon'ny namanao, na ny taniny, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an'ny namanao akory aza. Ireo teny ireo no nolazain'i Jehovah tamin'ny feo mahery tao amin'ny afo sy ny rahona ary ny aizim-pito, raha nivory tany an-tendrombohitra ianareo, ka dia tsy nampiany intsony; ary nosoratany tamin'ny vato fisaka roa ireo ka natolony ahy."* Ireo dia takiako hatramin' izao.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebooktra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## Sendika SMKAR sy ny CUA

# Hahazo tambin-karama momba ny fanadiovana ny loto sy fitaterana ny mpiasa

Hahazo tambin-karama eo amin'ny fanadiovana ny loto, na indemnité d'insalubrité, sy ny tambin-karama amin'ny fitaterana, na indemnité de transport, ny mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Anisan' ny tapaka izany tamin'ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, hoy ny filohan'ny Sendikan'ny Mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (SMKAR) Ankoay Andriantsoa, sy ny filoha lefitra, Tojo Randrianantoandro, momba ny fifandraisana eo amin'ny mpitantana ny kaominina sy ny sendika. Zavatra 5 loha no nangatahana hoy ireto mpitarika sendika ireto fa ireo roa ireo aloha ny azo, ary ambaran'izy ireo fa efa dingana izany amin'ny fijerena ny sosialin'ny mpiasa ataon'ny CUA.



*Ireo mpitarika ny sendikan'ny mpiasan'ny CUA (SMKAR).*

Nanamafy ireo mpitarika Syndicat eo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra fa matotra ny fiaraha-miasa eo amin' izy ireo sy ny mpitantana ny Tanàna. Misy ny fihaonana matetika ataon' ireto syndicat sy ny Ben' ny Tanàna Lalao Ravalomanana entina hanatsara ny fitantanana, nisy ny fangatahan'ny mpiasa no efa novalian' ny tompon'adraikitra toy ny fanolorana mari-pankasitrahana ho an'ireo mpiasa nahavita be tamin'ny asa , fanomezana ireo tombontsoa tambin-karama araka ny efa voalaza teo.
Alefa tsikelikely ny fangatahan'ny mpiasa raha ny nambaran'ny mpitantana. Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana rahateo izay misokatra hatrany amin'ny mpiasa sy ny mpitarika syndicat ny varavarany, ho an'ny tombontsoa iombonana.

***Isambilo***

## Boriboritany faha-4

# Nanatanteraka mariazy ara-panjakana faobe maimaimpoana

Ny alakamisy lasa teo dia nanantanteraka mariazy faobe maimaimpoana indray ny teo anivon'ny Boriboritany faha efatra, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Izany dia notanterahan'ny Delegen' ny Boriboritany Ramahandrimanana Solofoniaina Daniel sy ny mpiara-miasa taminy . Raha ny tamin'ny andro io manokana dia mpivady miisa 6 indray no nisitraka izany fisoratam-panambadiana ara-panjakana izany ; ka mponina eny amin'ny faritra Anosibe daholo izy ireo . Ity hetsika ity dia fantatra fa fiaraha-miasan' ny Boriboritany sy ireo olona malala tanana eny an-



***Ny mariazy ara-panjakana tetsy amin'ny Boriboritany faha-4.***

toerana izay mitondra anjara biriky ho an'ny saran'ny fametrahana antontan-taratasy anamorana sy anampiana ireo mpifankatia sahirana amin'ny fanatanterahana izany. Mitohy hatrany ny hetsika, ka hiparitaka manerana ireo fokontany izay mandrafitra ny Boriboritany ny hetsika fisoratam-panambadiana maimaimpoana toy izao noho ny fanampian'ny malala-tanana.

***Serge***

## Tahiry FDL

# Trano fianarana miisa 16 no voatsangana tany Boeny

Trano fianarana ho an'ny CEG miisa 14, lycée iray miaraka amin'ny tranon'ny kilasy mandry zazavavy mahazaka mpianatra 4, samy miampy fampitaovana, trano fivoahana sy vovon-drano ary zaridaina fambolena anana, ary làlantany (pistes rurales) mirefy 45km. Ireo no vokatry ny fampiasana ny Tahirim-bola ho an'ny fampandrosoana ifotony andiany voalohany, na FDL (Fonds de Développement Local) tany amin'ny faritra Boeny. Tatitra nataon'ny Tale Jeneralin'ny FDL, Ramatoa Raharinjatovo Hanitra izany, raha nanao fitsidihana arapomba fifanajana ny Lehiben'ny faritra Boeny mpisolotoerana, Bazezy V. Clavelah izy sy ny delegasiona FDL ny herinandro teo, tao amin'ny Bloc Administratif Ampisikina Mahajanga. Andiany voalohany tamin'ny tahirim-bola FDL mitentina 11 tapitrisa Euros no nanaovana ireo fotodrafitr'asa ireo. Kaomina miisa 14 sy ireo Fivondronamben'ny Kaomina ao amin'ny OPCI (Organisme public de coopération intercommunale) any Boeny no nampiasana io FDL andiany voalohany io. Notsiahivin'ny tale jeneralin'ny FDL fa famatsiam-bola avy amin'ny Coopération Allemande, ka ny Foibe jeneralin'ny FDL izay eo ambany fiahin'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no mitantana azy. Boeny sy Diana no faritra misitraka FDL hatreto. Eny amin'ny Maison des Elus, Mahavoky Avaratra no misy ny biraon'ny FDL any Boeny izay tantanin'Andriamatoa Johanesa Fernand.

***Helisoa***

Minisitry ny fampianarana ambony

# Nitsidika voalohany an'Antsirabe

Tonga nitsidika ny UES-AV, na ny "Université d'Enseignement Supérieur Antsirabe-Vakinankaratra", ny Minisitry ny fampianarana ambony Ramatoa Fienena Madeleine Rejo Félicitée ny zoma teo. Nambarany tamin'izany fa toy ny efa nandalovana rehetra hoy izy dia tonga eto Vakinankaratra ny tenako hijery ny zavamisy ifotony iainan'ny sekoly sy ny mpianatra ary ireo mpampianatra mampandeha izany. Omena fankasitrahana manokana i Vakinankaratra hoy izy satria dia niainga tamin'ny tsy nisy izao zavatra rehetra eto amin'ny UES-AV izao ary dia hita fa miroborobo tanteraka ankehitriny. Tsy tonga tamin'ny tanam-polo fotsiny anefa Ramatoa minisitra fa dia nitondra ireo fitaovana ilain'ny sekoly hoenti-mampianatra izay tena takiana amin' izao vanimpotoana izao, indrindra amin'ny fampiharana ny systeme LMD. Nankasitraka tanteraka ny filohan'ny UES-AV noho ireo fitaovana ireo satria dia afapahasahiranana amin'ny fampitana ny lesona ireo mpampianatra ato amin' ny sekoly. Nilaza hatrany ihany koa Ramatoa minisitra fa tsy maintsy tanterahina ny politika ankapoben'ny fanjakana sy ny ministera mba hisian'ny fahombiazana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Tsy maintsy apetraka ny rafitra LMD hoy hatrany ny minisitra ary ezahina ny hampivelatra bebe kokoa ny paikady hisian'ny fahombiazana. Taorian' ny fanolorana ireo fitaovana sy ny resaka nifanaovany tamin'ireo mpampianatra tetsy amin'ny UES-AV dia nitety ireo sekoly ambony teny Tsaratanàna izy ary anisan'ny nojerena manokana ihany koa ny fotodrafitrasa lehibe nomen'ny Marokana . Ny fijerena ifotony tahak' izao dia mitohy ary atao manerana ireo Université rehetra manerana an'i Madagasikara, mba hahitàna ny tena zavamisy marina izay tokony ho ampiana sy hatsaraina indrindra ny lafiny fotodrafitrasa , satria dia hita fa tsy mitsaha-mitombo ireo mpianatra mandranto fianarana hoy ramatoa minisitra.

***Lezama***

Caren-Karen

# «Maison digitale» misokatra ho an'ny vehivavy

Fitaovana manaraka ny fenitra ny fivoaran'ny nomerika no hampihodina ny « Maison digitale pour femme » eo anivon'ny ivontoerana Caren-Karen Faritra Vakinankaratra. Notokanana ny herinandro teo ny fisokafan'ity tetikasa ity. Mpiara-miombon'antoka amin'izao fananganana ny « Maison digitale pour femme » izao ny Solidarité Orange Madagascar. Betsaka ny sehatr'asa sosialy handraisan'i Orange Solidarité Madagascar anjara, isan'ireny ny asa fanabeazana , ny fahasalamana ary ny kolontsaina. Ny fametrahana ny « village orange « dia tafiditra ao anatin'izany asa sosialy izany , torak'izany ihany koa ny « Ecole numérique » izay miisa 123 manerana ny nosy, ka 07 amin'ireo eto Vakinankaratra. Ho fampivoarana ny haitao ara-kajy mirindra, na ny nomerika dia miroso eo amin'ny fametrahana ny "Maison digitale "indray izy ireo , ary faha-23 ity eto amin'ny Caren-Karen ity. Tablette miisa 20, «ordinateur portable » miisa 10, casques miisa 30, serveurs, vidéo projecteur miaraka amin'ny « écran » , batterie power bank, imprimante laser, "Prise multiple" miisa 05 ary « clé USB bracelet », ireo no natolotry ny Solidarité Orange Madagascar, izay notarihin'ny filohany Ramatoa Josie Andriambeloma. Zava-dehibe ny fisian'izao fiaraha-miasa izao hoy ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana, ny Administrateur Civil Rakotomahandry Thimoté satria mitovy ny fomba fijery eo amin'ny fampandrosoana ara-tsosialy ny Faritra sy ny Orange solidarité. Notsiahivin'ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana teto fa ny ivotoerana Karen-Caren dia miankina amin'ny Faritra noho izy vokatry ny fiaraha-miasan'i Vakinankaratra sy Auvergne any Frantsa tany am-piandohana. Rehefa vita ny fiaraha-miasa dia nitady ny paikady hampihodina sy hampaharitra ny ivontoerana ny Faritra, ka izao nampitantanina ny tsy miankina izao dia ny SDN izany. Nampanantena ny lehiben'ny Faritra teto, fa ho hentitra amin'ny fikajiana sy fikolokoloana ireto fitaovana ireto mba hampaharitra ny tetikasa. Hisy ny fampiofanana homen'ny Orange Madagascar ny ekipan'ny Caren-Karen, ireto farany kosa no hiantsoroka ny fampiofanana ireo vehivavy. Ireo vehivavy ao anatin'ny fikambanana aloha no hisantatra ny fampiofanana, fa mbola hisy kosa ny lamina samihafa mahakasika ny fampiasana ny «Maison Digitale ».

***Lezama***

Fampianarana

# 40 taona nijoroana ny CEG Manandona

Nankalaza ny faha-40 taona nijoroany ny 11 Aprily 2019 teo ny CEG Manandona, distrikan' Antsirabe faharoa. "Fahaizana sy fahendrena antoky ny fahombiazana", io no teny faneva nankalazana ny ivon'ny faha-40 taona nijoroan' ny CEG Manandona, kaominina Manandona, Distrikan'Antsirabe faharoa, Faritra Vakinankaratra. Ny fanabeazana no isan'ny singa hamolavolana ny maha olona sy azo ametrahana andraikitra eo amin'ny Tanindrazana. Maro ireo olomanga efa nandranto fanabeazana tao amin'ity sekoly ity ary efa mandray andraikitra eny anivon'ny fiaraha-monina sy ny firenena. Misy ny fotodrafitrasa hatsangana ho fampiroboroboana ny fanabeazana amin'ity sekoly ity. Niainga tamin'ny fotodrafitrasa madinika no niandohan'ity CEG ity ary nitombo hatrany izany, efa tamin'ny taona 1982 no nisy mpiadina fanadinam-panjakana BEPC voalohany ary ankehitriny dia manodidina ny 300 ny mpianatra mandranto fahalalana, manodidina ny 197 ny mpampianatra nifandimby ary talen-tsekoly 3 sy Surveillant genéral miisa 8. Misy araka izany ny fampiofanana ireo mpampianatra hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana indrindra ho an'ireo izay vao sambany no mikatroka eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Efa andalampamolavolana ny fananganana ny "lycée" ihany koa hanampy ireo "lycée" tsy miankina amin'ny fanjakana efa misy any an-toerana. Araka ny nambaran'ny Tale miadidy ny raharaha ankapobeny sy lafitany eto anivon'ny Faritra fa tafiditra indrindra amin'ny programampampandrosoan'ny Faritra ny miahy sy manome lanja ny maha olona ary isan'izany ity fankalazana ny faha-40 taona ny sekoly fibeazana ny taranaka mifandimby eto Manandona ity, satria rehefa mahay ny taranaka dia isan'ny kitro ifaharan'ny fampandrosoana ny Firenena. Miara-miasa hatrany ny fitondrana foibe sy ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena manofana ireo mpanabe ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana hatolotra ho an'ny zaza Malagasy satria ny fianarana no loharano fiainana. Tonga nanome voninahitra izany lanonana izany ny Tale miadidy ny raharaha ankapobeny sy lafitany eto Vakinankaratra sy ny mpiara-miasa aminy sy ny lehiben'ny Distrika Antsirabe faharoa, nahitana ny Talem-paritry ny Fanabeazam-pirenena sy fampianarana arateknika ary fanofanana ara-kasa sy ny fianakaviamben'ny tontolon'ny fanabeazana.

***Solohery***

Lycée privé mixte LA PIE Mampikony

# Nifanakalo hevitra tamin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny mpianatra

Nitsidika ny lapan'ny Antenimierandoholona Anosikely, ireo mpianatra avy amin'ny kilasy voalohany amin'ny ambaratonga faharoa (seconde), avy ao amin'ny Lycée Privé mixte La Pie Mampikony omaly, izay notarihin'ny Ramatoa Nafefiko Halime talen'ny sekoly. Niavaka ny fandraisana azy ireo tamin'ity indray mitoraka ity satria dia niaraka nangan-tsaina tamin'ny mpiasan'ny Antenimierandoholona izy ireo. Nandritra izany fotoana izany no nilazan'ny Filoha Rivo Rakotovao fa ilaina ny fandraisana ny mpianatra tahaka izao mba hifanakalozan-kevitra, sy ifanoroana ary ho fampahafantarana ny lapam-panjakana. Eo ihany koa hoy izy ny hampifanakaiky kokoa ny mpitondra sy ny vahoaka, mba tsy ho tompon-trano mihono izy, ka tsy ahafantatra ny zava-misy marina ety anivon'ny Andrimpanjakana toy itony. Nandritra ny fotoana nandraisan'ny Filohan'ny Antenimierandoholona Rakotovao Rivo ireo mpianatra no nanazavany ny asa aman'andraikitra sahanin'ny Loholona ary ny anjara asan'ny Antenimierandoholona amin'ny fampandrosoana ny Firenena. Nambaran'ny Filohan'ny Antenimierandoholona fa misy ny fisaraham-pahefana eto amin'ny Firenena dia ny fahefana mpanatanteraka, fahefana mpanao lalàna ary ny fahefana mpitsara, ka tsy tokony hifanitsaka andraikitra. Ny Antenimierandoholona hoy ihany izy dia institution de Stabilité ary mpitondra ny hetaheta avy amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana any amin'ny Governemanta.

Nanambara ny talen'ity Sekoly ity fa misy amin' ireo mpianatra ireo no mbola tsy niakatra taty an-drenivohitra ka tsy mahalala ny zava-misy aty, ka izany indrindra no anton'ny fitsidihina.

***Isambilo***



*Ny fitsidihan'ireo mpianatra avy any Mampikony ny Antenimierandoholona.*

## SARIITATRA : Hay ve ilaina ny lalana e !



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/04/19 hatramin'ny 20/04/19**

- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 899-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANTANANARIVO RENIVOHITRA

# Nanomboka ny fanamboarana fantsona lehibe ambanin'ny làlana Andrianampoinimerina

Omaly no nanombohana ny asa fanamboarana ny « ovoïde » eo Analakely, na ilay fantsona lehibe ao ambanin'ny lálana Andrianampoinimerina izay hivarinan'ny rano maloto avy eny anivon'ireo tokantrano manodidina an'Analakely sy ny manodidina, fantsona lehibe manana savaivo 1,5 m ary mirefy eo amin'ny 600 m eo, izay ao anatin'ny tetik'asa PIAA (Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo), iarahan'ny fanjakana foibe sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) miasa, vatsian'ny AFD sy ny Union Européenne vola ary ny orinasa SOGEA/SATOM kosa no manatanteraka izany. Manomboka eo amin'ny « stèle SIDA » Andohan'Analakely ary mifarana eo amin'ny manoloana ny Lycée Rabearivelo izany asa izany ary mety haharitra roa volana mahery eo ho eo ny faharetan'ny asa. Raha araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana dia efa antitra tanteraka ny fantsona ao ambanin'ity arabe Andrianampoinimerina ity, ka izay no mahatonga ny fihotsahan'ny lálana matetika fahita eto an-dRenivohitra, ankoatra izay dia tsikaritra ihany koa fa io fahasimban'ny fantsona io no mahatonga ny fiakaran'ny rano eo Analakely sy ny manodidina rehefa tonga ny fotoampahavaratra.

Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra ny tsena avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia nizotra am-pilaminana ny fanombohan'ny asa satria dia efa samy nahafantatra ny fisian'izao asa izao avokoa ireo mpampiasa lálana indrindra fa ireo mpivarotra satria dia efa nisy hatrany ny serasera sy ny fampahafantarana izay natao azy ireo. Handeha tsikelikely ny fanatanterahana ny asa. Efa misy ny fandaminana ho an'ireo mpampiasa lálana izany hoe ny mpivarotra izay voakasika amin'ity tetik'asa ity dia efa nomena toerana vonjimaika ary ireo fiara kosa dia hihazo an'Ambodifilao.

Manentana ny mponina hatrany ny avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mba samy hanaraka ny fandaminana ary samy handray ny andraikitra tandrify azy satria tombontsoa lehibe ho an'ny mponina ny fahavitan'ity asa ity.

***Aly***




Ceg Ivohitra

# Isan'ireo sekoly nomerika manomboka izao


Fampitaovana maro no natolotra ny CEG Ivohitra eto Antsirabe ny herinandro lasa teo. Isan'ireo sekoly nofinidy hatao ho sekoly nomerika na « école numérique » miaraka amin'ny Solidarité Orange Madagascar ity sekoly ity. Ordinateur portable, tablettes, casques, clé USB, vidéo projecteur, ary prise multiple ireo no natolotra ny sekoly hanatevenana ireo fitaovana ara-informatika efa hananany. Efa 12 taona izay no niasa teo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fahasalamana ny Solidarité Orange Madagascar. Ankehitriny dia sekoly 123 no nametrahana « école numérique » manerana ny Nosy ary ho an'ny Faritra Vakinankaratra manokana dia ity eto amin'ny CEG Ivohitra ity no fahafito. Na dia eny amin'ny sekolim-panjakana aza ny ankizy dia tsy avela tsy aharaka ny fivoaran'ny teknolojia vaovao, vanim-potoanan'izany rahateo izao misy antsika izao. Maro ireo manampahefana niatrika izao fanolorana fitaovana izao, isan'ireny ny Lehiben'ny sampandraharaha aratsosialy teo anivon'ny Faritra Vakinankaratra Dr Andriamampionona Niaina, ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena sy ny fampiofanana ara-teknika, ny filohan'ny Solidarité Orange Madagascar ary ireo tompon'andraikitra isan-tokony eo amin'ny sehatry ny fanabeazam-pirenena.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 278**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

**Valiny Teny Tondro (0277)**

***Mitsivalana***
- Tsenanay
- RN
- Kitoatoa
- Soa – (V)av(a)
- Mainty (Miv)
- Rindra (Miv)
- Eny – (L)iona

***Mitsangana***
- Taksibe
- Toy (Miv)
- Entanay
- Ri (Miv)
- Alahady
- M, N, O
- Aroa – In
- Arovany (Miv)

**TENY MIFANARAKA** **N° 278**




**Mitsivalana**

**1.** Nahazo zaza **2.** Foibe fiantohana – Aotra – Zava-maniry **3.** Nandefa ivelany – Tsofoka **4.** Piso (BL) – Zava-mahadomelina **5.** Tsy ahitàna loto – Iry, tia (Miv) **6.** Samy lehilahy **7.** Matanjaka – Zava-maniry isan-karazany **8.** Tampisaka – Firenena vahiny (Miv) **9.** Fizaram-potoana (Miv) **10.** Vato fotsy – Mandoro

**Mitsangana**

**A.** Nandrahona tamin'ny basy **B.** Solontena – Faritra **D.** Salama – Rà (Miv) **E.** Hita eo amin'ny fery (Miv) – Mpanoritra anarana **F.** Folo sy folo – Tovona (Miv) **G.** Teny mandrâra – Vorona **H.** Akory aby ! **I.** Mpanondro – Toerana Masina **J.** Afa-po ara-tsakafo – Litera mitovy **K.** Marika – Natsahatra

**Valiny Teny mifanaraka 0277**

***Mitsivalana***

1 Tsaroanao 2. Vary – Osa 3. Raaka – Ny (Miv) 4. Ny – Iva 5. Naotony – Vy 6. An – Asal(y) 7. Kilasy – Oty 8. Ala – Malaso (Miv) 9. Isalorana 10. Amalona – Fa (Miv)

***Mitsangana***

A. Taranaka B. Milina (Miv) D. Avana – Losa E. Rakitra – (V)al(a) F. Ora – Solo G. (T)ay – In – Nosy (Miv) H. Avia – Ala I. Ao Sola J. Osy – Vatana K. Familiana (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana nampiseho tamin'ny fomba ofisialy ny kandidàn'ny TIM K25, Alain Ratsimbazafy, teny Atsimondrano.









Ny kandida TIM Boriborintany faha-2 Rastany nandritra ny fampahafantarana nataony teny Ambohipo sy Ambohitsoa.







